

TORITENY - ALAHADY faha-32 TSOTRA - TAONA D



Tsy mba Andriamanitry ny maty Izy fa Andriamanitry ny velona.

Ry Kristianina havana, tamin'ny voalohan'ny volana novambra isika no nahatsiaro ireo havantsika efa ao amin'ny fahasoavana sy fiadanana eo anivon'ny Trinité masina izany no dikan'ny fankalazana ny fetin'ny Olomasina. Isan'andro isika mahatsiaro ireo Olomasina hita amin'ny kalandrié fa ny 01 novambra dia natokan'ny Eglizy ho andro manokana hahatsiarovantsika ireo olomasina rehetra. Ny hoe masina dia manambara fiombonana amin'Andriamanitra satria Izy irery no hany masina, izy no manamasina antsika : fiainana misy an'Andriamanitra sy miombona aminy izany hoe fampitraofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ny 02 novambra kosa isika dia nivavaka manokana sy nandinika ny fiainan-ko avy ary ny anjara toeran'ny fahafatesana. Notsipihintsika tamin'io koa fa arakaraky ny fieritreretantsika ny fahafatesana no hanatanterahantsika izay atao sy hivelomantsika ny fiainantsika andavanandro. Raha fiafarana na fahalevonana ny fandraisantsika ny fahafatesana dia tsy mahagaga àry raha ny fahendren'izao tontolo izao no manentana ny fiainantsika raha hitantsika fa mifarana amin'ity fiainana ity ny fiainana. Fahendrena moa no ilazana azy fa ny raha ny tena fahendrena tsy mitondra amin'ny fahafatesana nefa izao tontolo izao mitondra amin'ny fahafatesana. Raha mibanjina an'ireo efa maty nialoha làlana antsika isika dia mandinika hoe ahoana àry ny hivelomantsika ity fiainantsika ity ? Raha fantantsika fa ny fahafatesana dia fandalovana miditra amin'ny fiainana tena izy, dia ny fahasambarana ambaran'ny fetin'ny olomasina no hamolavola araka izany koa ny fiainantsika. Tsy mahagaga raha manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra

Vakiteny I : 2 Mak. 7, 1-2. 9-14

Salamo : Sal. 97

Vakiteny II : 2 Tes. 2, 16 - 3, 5

Evanjely : Lk. 20, 27-38

isika amin'izay ary ao anatin'izay no mampiditra antsika amin'ny fiainan-koavy. Izany indrindra ry Kristianina havana no dinihintsika manokana amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao sady mampiditra antsika akaiky dia akaiky amin'ny fankalazana ny Sinaody izay irintsika hametrahana torolalana pastoraly mikasika ny vavaka sy ny fandalinanam-pinoana. Tsy inona ny tanjon'ny vavaka

sy fandalinam-pinoana fa ny hitondra antsika amin'ny hasambarana sy fahamasinana, izany hoe hanana ny fiombonana amin'Andriamanitra

Dinihintsika manokana androany ny mikasika ny fitsanganan-ko velona. Ambaran'ireo vakiteny telo fa io no tena fiafarantsika, ny tena fiainantsika dia ao amin'Andriamanitra, raha ny marina izany dia tsy fiafarana ny fahafatesana fa varavarana hidirantsika amin'ny tena fiainana ary izany koa no tanjon'ny Sinaody hanampy antsika hivelona ny maha-zanak'Andriamanitra ka hahazoana ny fahasoavana tsy misy fetra avy amin'Andriamanitra ka ny fitsanganan-ko velona no farantampony amin'izany.

Manamafy izany ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany (2 Mak. 7, 1-2. 9-14) ka nahatonga ireo nijoro ho vavolombelona amin'ny finoana sy nahafoy ny ainy satria fantany fa ny tena aina dia amin'ny fitsanganan-ko velona ka tsy maty ireo martyry, vavolombelona manko ny dikan'ny martyry izay manambara ny fiainan-koavy. Tsy hoe mamono tena izy ireo na tsy miraharaha ny aina sanatria fa tena manambara ny hasarobidin'ny aina ka tsy tiany hoviraviraina amin'ny fanompoan-tsampy. Raha ny fahendren'izao tontolo izao no ampiasaintsika dia lasa voaviravira ny aina ka tsy misy dikany n hasiny intsony fa ny herisetra, ny lainga, ny fitapitaka, ny fanapotehana no matetika mianjady amin'izany aina izany. Raha mino sy matoky ny fitsanganan-ko velona kosa isika ka na misy aza hitady hanapotika an'izany aina izany dia fandresena no manjaka amintsika, tahaka ny nataon'ireo fito mirahalaha ao amin'ny boky faharoan'i Makabeo. Ny fametrahantsika Torolalana Pastoral dia hanampy antsika hiroso ho "vavolombelon'ny finoana".

Ny fototry ny fampianarana an'izany rehetra izany dia i Jesoa ao amin'ny Evanjely (Lk. 20, 27-38) no manambara azy. Fantantsika fa raha nahary an'izao tontolo izao Andriamanitra sy nahary antsika olombelona dia nametraka tsara fa fototry ny maha-olona ny fanambadiana, izany no nahatonga an'ireo Sadoceanina izay mahafantatra tsara ny Soratra Masina nitady fomba hamelezana an'i Jesoa ka nametraka ny fanontaniana mikasika ilay lehilahy nanambady ka maty momba, ka ny vehivavy vady izay navelany dia mbola nanambady impito, ka iza àry no tena vadiny amin'ny fiainan-ko avy ? Efa voalazantsika teo fa arakaraky ny fiheverantsika ny fahafatesana no entina hamolavolana ny fiainana ka iainana azy. Hita tokoa araka izany fa anio tokoa ny ho avy fa tsy rahampitso. Ka hoy i Jesoa namaly azy ireo : "Tsy Andriamanitra ny maty ny Andriamanitsika fa Andriamanitra ny velona". Marina fa mampiombona ny fanambadiana ary ny fiainana izao no entintsika amin'ny fiainan-ko avy kanefa ny fanambadiana dia eto anivon'izao tontolo izao ka noho izany tsy mamatotra antsika amin'ny fiainan-koavy satria ny zanak'izao fiainana izao no mampaka-bady sy avoaka hampakarina, fa izay efa hita ho mendrika hahazo ny fiainan-ko avy sy ny fitsanganan-ko velona kosa, dia tsy mba mampaka-bady, na avoaka hampakarina, ary tsy mety maty intsony izy, fa tahaka ny Anjely sady zanak'Andriamanitra, satria zanaky ny fitsanganan-ko velona.

Izany dia tsy midika fa tsy raharahaina ny fanambadiana, diso ny fiheverana an'izany satria ao anatin'ny fianakaviana no hanamasinantsika tena ary manana ohatra velona isika amin'izany dia Victoire Rasoamanarivo sy Lucien Botovasoa izay samy tao anatin'ny tokantrano. Nisy masera nanontany an'i Lucien Botovasoa nandritra ny fandraisana manetriketrika ny mompera Thomas Zafimasina Mompera Lazarista voalohany, iray "promotion" taminy ka nanao hoe :

- "Tsy nanenina ve ianao tsy nanao mompera tahaka azy koa ?"

Dia hoy izy namaly an'ilay masera :

- "Ianareo masera, mompera sy frera dia indraindray ihany any an-tanàna, izany hoe eo anivon'izao tontolo izao, fa izahay kosa isanandro isanandro no maneho ny finoanay"

Marina fa izany ny fiainana maha lahika izany hoe mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ary dia izay no manambara fa ao anatin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana no hanamasinana ny fiainana, izay indrindra no ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjely androany. Tsy hoe ratsy ny fanambadiana fa eo anivon'izao tontolo izao no misy azy fa tsy amin'ny fiainan-koavy.

Izany koa no mbola ampianarin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (2 Tes. 2, 16 - 3, 5) mba hifikitra bebe kokoa amin'i Kristy fa indrindra mamaramparana an'izao taona litorjika izao isika ary satria ao amin'i Jesoa no hanovozantsika hery hahafahantsika miatrika ny fiainana andavanandro ka hitondra antsika amin'izay fitsanganan-ko velona sy hahavita koa ny adidy ka hahatonga antsika ho fahazavana sy fanatitra, hoy Md Paoly, mananatra antsika mianakavy : "Matoky anareo ao amin'ny Tompo izahay, fa sady manao no mbola hanao ny zavatra nandidianay ianareo. Ary enga anie ny Tompo hitari-dalana ny fonareo ho amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny faharetan'i Kristy!"

Izany no entiko hitsodrano antsika eto am-pamaranana ny toriteny amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao izay mampiditra antsika bebe kokoa amin'izany fiainan-koavy izany sy ny fiatrehana ny Sinaody ka hahatonga antsika tokoa ho EGLIZY OLO VELO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA. Ny fiainantsika dia ho zary "tabernakla velona" tokoa hizara famindrampo. Enga anie izao Sinaody izao no dingana vaovao manosika antsika hanao "nouveau départ" fa tsy départ zéro. Départ vaovao hanomanana dieny izao ny fianan-koavy, hitondra antsika amin'ny fitsanganan-ko velona.

Jesoa Tompo ô, ampianaro izahay tsy hanjehy ny andro lava fa hiaraka aminao dieny izao mitondra ny hazo fijaliana fa "ady sy dia ny fiainana". Matoky izahay fa raha miaraka Aminao dia handresy ary ho tody amin'ny fiainan-ko avy. Masina Maria Reny, Reny Mpitari-dalana ianao ka tantano izao Sinaody izao ho any amin'i Jesoa ka hahitana ny tena Torolalana Pastoraly hahatonga anay ho Tabernakla velona tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany, mivavahà mba ho Fianakaviana Eglizy manomana ny fiainan-ko avy ny fianakavianay ka hametraka ny famindrampo sy famelan-keloka hanenika ny fiainanay andavanandro ka hitondra anay amin'ny fitsanganan-ko velona. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson